## Ny Valosoa sy hadihady

# Fanaraha-maso ireo sekoly tsy miankina
# Ny lafiny fanabeazana no tokony ho voalohany

Mandringa ny lafiny fanabeazana eto amin'ny firenena ary lasa an-tsirambina mihitsy aza. Efa zara raha misy rahateo ny fanabeazana olompirenena vanona na "civisme" any an-tsekoly maro amin'ny ankapobeny. Hany ka mikorosy ny fanajàna ny soatoavina eny anivom-piarahamonina, ary nihamafy izany tato anatin'ny folo taona farany. Vokadratsy, mazava loatra, no fiantraikany sy fisehon'izany.

Tompon'andraikitra iray lehibe amin'izany seho-piarahamonina izany ny sekoly. Teboka roa lehibe farafahakeliny ny antom-pisian'ny sekoly, dia ny fampianarana sy ny fanabeazana. Maro an'isa eto amin'ny firenena ireo sekoly tsy miankina raha miohatra amin'ny sekolim-panjakana. Tsy vitan'ny fanjakana rahateo ny manokatra sekoly tomombana sy mahasahana ny fampianarana eto amin'ny firenena. Nanomboka ny taona 90 no tena niroboroboany ary naniry toy ny anana ny fijoroany tamin'ny toerana maro samihafa. Izay rehetra nanana fahafahana nanorina dia nanao avokoa na dia tsy manana finiavana na antso ( vocation) amin'izany aza ny tenany, fa niantehitra fotsiny amin'ireo mpampianatra raisiny hampianatra ao aminy. Tsy atao hahagaga raha ahitana mpampianatra tsy mijanona miasa maharitra na miovaova hatrany ao amin'ireny sekoly ireny. Hita ho tsy voahaja intsony aza ny fepetra amin'ny elanelan'ny halavirana misy azy ireo na amin'ny trano na fivarotana samihafa. Mbola olana iray lehibe tsy voavahan'ny eny anivon'ny minisitera misahana ny fampianarana io.

Ny ankamaroan'ireo sekoly tsy miankina mijoro, indrindra taty aoriana, dia manome lanja ny vola, izay vao fampianarana. Ohatra amin'izany, tsy misy sekoly tsy miankina handray mpianatra amin'izao fotsiny na dia tsy mandoa saram-pisoratan'anarana sy tsy hahaloa saram-pianarana. Amin'izao fotoana izao, dia iaraha-mahita tsara ny fihetsik'izy ireo amin'ny tsy fanomezana ny bulletin ny mpianatra raha tsy voaloa avokoa ny saram-pianarana. Indraindray aza izany tonga mihitsy hatrany amin'ny tsy fanomezana ny taratasy fiantsoana na "convocation" ho an'ireo mpianatra hiatrika fanadinam-panjakana. Tsy hita taratra mihitsy ao anatin'izany ny maha-mpanabe azy ireo, ary misy aza tena lasa lavitra mihitsy amin'ny fihetsika na teny tsy maotina. Efa noresahana teto momba izany ny amin'ireo sekoly tsy miankina eny amin'ny vohitr'Itaosy na Cité Itaosy iny, izay mampitaraina ireo ray aman-dreny maro.

Mirazotra amin'izany, tsy izy rehetra, fa maro amin'ireo sekoly tsy miankina no tsy mifototra afa-tsy amin'ny fampianarana, fa hamaivanina ny lafiny fanabeazana. Lasa fitadiavam-bola sy harena fotsiny aza izany ho an'ny sasany. Miharihary ny fomba fihetsika sy ny fitondran-tenan'ny mpianatra amin'ireny sekoly ireny rehefa eny ivelan'ny sekoly na amin'ny fiarahamonina misy azy. Nilaza hanao fidinana hanao fisafoana eny amin'ireo sekoly tsy miankina ny tompon'andraiki-panjakana, ka hanara-maso ny lafiny fitandroana sy fanajàna ireo fepetra ny ara-pahasalamana ao anatin'izao hamehana izao, ho fitsinjovana ny mpianatra. Tsy tokony izay ihany anefa no jerena fa mila hadihadiana lalina izy ireo eo amin'ny sehapanabeazana. Amin'izay no handraisana fepetra na tokony mbola hisokatra ilay sekoly na tsia, na fepetra hafa hentitra sy mahomby hoentina hanitsiana azy.

Tsy tokony hielina indray mandeha monja koa dia tsy hisy intsony aman-taonany maro izany fanadihadiana izany, fa hatao matetika. Ny hoavin'ny firenena mihitsy mantsy no ataon'izy ireo an-tsirambina sy kitoatoa amin'izany fihetsika manamaivana ny lafiny fanabeazana izany. Ary izao iaraha-mahita izao ny vokany. Raha te-hanana tanora vanona sy firenena vanona any aoriana, dia mila omen-danja ambony sy toerana mendrika azy io sehatra io.

***Radafy***

## Haino amanjery VIVA

# Mitady tsy handoa ny hofantaniny amin'ny kaominina

Nihaona tamin'ny tompona haino aman-jery: patron de presse ao Fianarantsoa, izay manana antenne ao Ikianjasoa ny ben'ny Tanàna sy ny mpiara-miasa aminy ny 1 septambra 2020 lasa teo, mikasika ny resaka tokony handoavan'ireo tompona haino amanjery ny hofan-tany ampiasain'izy ireo. Taorian'izany, nisy ny taratasy nalefan'ireto farany ho an'ny kaominina "fandavana ny handoavana ny arriéré hofan'ny tany ao Ikianjasoa", ny VIVA haino amanjerin'ny filohan'ny repoblika Rajoelina ao Fianarantsoa no isan'ny mangataka ny tsy handoavana io hofan-tanin'ny kaominina io. Raha ny vaovao miparitaka dia efa nanomboka ny taona 2011 ity haino amanjerin'ny mpitondra ity no efa tsy nandoa ny vola tokony halohany, izay misimisy ihany izany raha atao ny kajikajy tsotsotra, satria 20 tapitrisa isantaona ny hofany. Koa mipetraka eto ny fanontaniana, hay ve ka afaka mangataka amin'ny kaominina tsy handoa hofantany ihany rehefa ny VIVA onjampeon'ny mpitondra no manao izany e! Ny MBS mantsy nandoa ny vola hofany tokony ho naloany ihany nefa dia fandroahana no mahazo ity onjampeo naorin'ny filohan'ny mpanohitra Marc Ravalomanana ity eny Anosipatrana, izay tanin'ny kaominina ihany koa.

***Helisoa***





Transparency International

# Kolikoly amin'ny fanaovana pasipaoro biômetrika eto Madagasikara

Nisy ny fanehoan-kevitra manoloana ny tranga kolikoly ahiana, amin'ny fanomezana tsenambarom-panjakana eo amin'ny fanaovana pasipaoro biometrika malagasy ho an'ny orinasa Semlex. Ny 9 septambra teo, ny OCCRP : Organized Crime and Corruption Reporting Project, izay vondrona iraisam-pirenena manambatra mpanao gazety mpanatsikafona ary mpiara-miasa amin'ny Transparency International ao anatin'ny hetsika "Global Anti-Corruption Consortium" (GACC) dia namoaka lahatsoratra amin'ny teny anglisy mitondra ny lohateny hoe "Belgian Passport-Maker Paid Bribes to Win Madagascar Contract ", adika malalaka amin'ny hoe : "Orinasa belza mpanamboatra pasipaoro, nanao kolikoly goavana ahazoana tsena eto Madagasikara".

Amin'ny antsipiriany sy amin'ny fomba tena feno tanteraka no anehoan'ity lahatsoratra ity ny fomba nahazoan'ilay orinasa belza antsoina hoe Semlex ny fifanarahana ahazoana manamboatra ny pasipaoro biometrika ho an'ny Fanjakana Malagasy. Navaozina tamin'ny taona 2013 ity fifanarahana, ka niampy folo taona indray.

Raha ny ambaran'ity lahatsoratra ity hatrany, vola mitentina hatrany amin'ny 120 000€ - na 540 tapitrisa ariary – no heverina fa nomen'ny orinasa Semlex, ho an'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Filaminam-bahoaka, tompon-toerana tamin'ny 2006, sady isan' ireo mpanao sonia an'ilay fifanarahana. Marihana fa tamin'ny alalan'ny fivoahan'ny fifampieresahana anatiny tao amin'ny Semlex no nahazoana izany raki-baovao izany.

Raha arak'io lahatsoratra io ihany, nanatona mpisehatra politika hafa ihany koa ny orinasa Semlex, isan'izany ny Ministry ny Raharahambahiny tompon-toerana tamin'ny 2010 sy 2011, mba hahazoana fifanarahana manao asam-panjakana sy tombontsoa hafa ho takalon'ny fanohanana azy ara-politika.

Ireo tranga mitsikafona ireo dia manosika ny tompon'andraikitra handray ny andraikiny:

• Amin'ny Fahefana mahefa, indrindra ny Bianco sy ny Samifin, mba hanatanteraka fanadihadihana momba ny fahamarinan'ireo tranga mitsikafona voalaza ireo ;

• Amin'ny Fahefana Avo momba ny Lalampanorenana, mba hitsara araka ny fahefana omen'ny Lalampanorenana azy, sy ao anatin'ny tsy fitongilanana sy fahendrena tanteraka ireo tranga kolikoly mahatafiditra mpisehatra politika ireo;

• Amin'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka, mba hanazava ny antony anomezana ilay fahafahana mamokatra pasipaoro biometrika ho an'ny orinasa Semlex, sy ny fepetram-panavaozana izany tamin'ny 2013. Marihana fa zon'ny olompirenena ny mahita ny votoatin' izany fifanarahana izany, ka tokony havoaka tsy misy hatak'andro.

Manolo-kevitra izy ireo ny mba hiverenan'ny manam-pahefana isan-tokony, na ny mpanatanteraka na ny mpanao lalàna, jerena ny antony mampitombina ny fiantsoana orinasa ivelany hanantanteraka asa fototra tokony ho ataon'ny Fanjakana, toy ny famokarana pasipaoro ho an' ny olompirenena Malagasy.

Tokony ho tanterahana araka izay haingana indrindra ihany koa, ny fitsirihana tsy mitanila momba ny fepetra fanaovana fifanarahana rehetra mahakasika ny antontan-taratasin' olompirenena.

Ary farany, manoloana ny fiampiangana misesisesy mahatafiditra mpitondra ambony amin'ny raharaha kolikoly dia heverina ihany koa fa ilaina ny fanamafisana ny fanaraha-maso sy ny fijerena akaiky ireo raharaha momba ny tsenambaro-panjakana. Noho izany, hoy ny lahatsoratra, laharampahamehana ny fanamafisana ireo rafitra rehetra mpanara-maso ny volam-panjakana sy ny rafitra misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly, na amin'ny lafiny loharanonkarena izany na eo amin'ny fanatanterahan'andraikitra. Na oviana na oviana, ny fananana andrim-panjakana matanjaka sy mahaleotena miady amin'ny kolikoly no antoka hahafahana miady amin'ity fahalovana eto amin'ny firenena ity. Isan'ny manana andraikitra goavana indrindra amin'izany ny Fitsarana momba ny Ady amin'ny kolikoly (PAC), ka tokony ho tandrovana sy tohanana ary hamafisina izany.

Mifanohitra amin'izany koa, ny eritreritra rehetra mety hanaisotra ny fahaleovantenan'ny Fitsarana momba ny Ady amin'ny Kolikoly sy ny rafi-panjakana rehetra misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly dia loza mitatao ho an'ireo vondrona mahefa miady amin'ny kolikoly, rehefa hiatrika raharaha maloto toy ny lazain'ilay lahatsoratry ny OCCRP ity, indrindra fa misy mpitondra ambony tafiditra amin'ny raharaha toy izao.

***Ny Valosoa***




*Ireo karazana pasipaoro eto Madagasikara.*

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra mahakasika fivavahana sy politika izao hasehoko manaraka izao: efa ho 2000 taona izay no nisy Pape 266 nifandimby teto ambonin'ny tany. Nisy Ray aman-dreny maro, manampahaizana maro, mpitondra fivavahana maro, olokendry maro, manampahefana maro,... Nanaiky ary nankasitraka ny maha Ray aman-dreny ara-panahy azy ireo.

Dia mahagaga ny mahita ireto zaza miala sakana tsy kely tsy lehibe eny hatramin'ny mpitondra fivavahana sasany izay tery saina sy fanatika amin'ny fiangonany izay vao niforona omaly dia tsy menatra akory ny manaratsy izay nipoirany.

Ny fifankatiavana sy ny tsy fankahalana no tian'i Pape hanjaka eo amin'ireo karazam-pinoana rehetra, fa tsy hoe terena ho Kristianina na katolika daholo ny eran'izao tontolo izao.

Samy mino an'Andriamanitra daholo, noho izany tokony tsy hifanenjika sy tsy hifanaratsy ary tsy hifamono ny olombelona rehetra. Satria Andriamanitra dia fitiavana, mpamafy fiadanana, filaminana, firaisankina ary fahamarinana.

Amin'ny maha Ray aman-dreny amam-panahy sy Filohan'ny Eglizy Katolika Romana manerantany azy dia Mendrika ny ho hajaina sy homem-boninahitra izy, na faly ianao na tsy faly.

Tsy fanaratsiana velively tompoko io fa zavatra marina, raha hoy ianao hoe fanaratsiana izao, dia hoy aho hoe efa manana aretina ara-tsaina angamba ianao.

***Nomenjanahary Lalaina***
***Mpamaky gazety***
***Ny Valosoa Vaovao***